## Sahanasa fandalinana ireo Fanekem-pinoana

Dingana 1: Misafidiana iray amin'ireo Fanekem-pinoana tianao hohalalinina anio ary valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona avy ireo fahamarinana mandrakizay ianaranao avy amin'io fanekem-pinoana io?
- Ahoana no ahafahan'ny fampianarana avy amin'io fanekem-pinoana io hisy fiantraikany amin'ny fifandraisanao amin'ny Ray any An-danitra sy an'i Jesoa Kristy?

Dingana 2: Misafidiana roa farafahakeliny amin'ireto safidy manaraka ireto mba hanampiana anao hianatra bebe kokoa momba ny fanekem-pinoana nofidinao:

a. *Ataovy tsianjery*. Mieritrereta hevitra iray hanampiana anao hitadidy ilay fanekem-pinoana nofidinao ary makà fotoana hanaovana tsianjery izany.

b. *Mitadiava loharanom-pitaovana mifandray amin'izany*. Mitadiava soratra masina na fanambarana avy amin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana izay mifandray amin'ilay fanekem-pinoana nofidinao. Azonao atao ny mampiasa fitaovana toy ny fanovozan-kevitra eny amin'ny farany ambanin'ny pejy ao amin'ny soratra masina, ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, na ny fitaovana fikarohana ao amin'ny application Mediathèque de l'Évangile mba hanampiana anao.

c. *Mamoròna fzavatra jeren'ny maso*. Mampiasà zavakanto mba hanampiana anao hampita na haneho ireo fampianarana avy amin'ilay fanekem-pinoana nofidinao. Ohatra tafiditra ao anatin'izany ny sary natao tanana, na sary avy amin'ny fanambatambarana zavatra samihafa, na amboaran-teny miendrika rahona, na mème. (Noho ny maha-masina an' Andriamanitra dia sorohy ny fanaovana sary Ny Andriamanitra.)

d. *Mamoròna rafi-tantara*. Mieritrereta toe-javatra atrehinao na atrehin'ireo zatovo hafa, na fanontaniana momba ny filazantsara izay mety ho voavalin'ilay fanekem-pinoana nosafidinao. Soraty ilay rafi-tantara na ireo fanontaniana ary hazavao ny fomba na ny antony hanampian'ireo fahamarinana ampianarina ao amin'ny fanekem-pinoana amin'izany.

e. *Mijoroa ho vavolombelona*. Soraty ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ireo fahamarinana nampianarina ao amin'ilay fanekem-pinoana nosafidinao. Farito ny fomba nitahian'ireo fampianarana ireo ny fiainanao sy nitondran'izany anao ho akaiky kokoa an' Andriamanitra.



© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_491-1